## NY TENY FIAINANA

*"Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy".*
***Jakoba 1:13***

**Orange Pro League 2021/2022 andro faha-8**

# Lalao tokana no hatao anio sabotsy 12 febroary

Lalao tokana no voafaritry ny CFEM ho tanterahina anio sabotsy 12 febroary 2022, eo amin'ny andro faha-8, ny fifaninana baolina kitra "Orange Pro League 2021/2022", raha lalao miisa 7 kosa no ho tanterahina rahampitso alahady 13 febroary 2022).
Fandaharan-dalao rehetra :
Sabotsy 12 febroary 2022
14:30-A/Dato Fc # Mama Fca (kianja "Stade Moderne Ampasambazaha),
Alahady 13 febroary 2022
12:00-Jet Kintana # Tia Kitra Fc (kianja "Complexe Sportif Cnaps Vontovorona"),
12:00-Five Fc # As Fanalamanga (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"),
14:30-Ajesaia # Fosa Juniors Fc (kianja "Complexe Sportif Cnaps Vontovorona"),
14:30-Uscafoot # Cosfa (kianja « Stade municipal Alarobia »,
14:30-Jfc Toliara # Disciples Fc (kianja « Maître Kira Toliara »),
14:30-Zanakala Fc # 3Fb Toliara (kianja Stade Moderne Ampasambazaha »),
14:30-Elgeco Plus # Cffa (kianja « Elgeco Plus Stadium By-Pass ).
Toy izao kosa ireo vokadalao teo amin'ny andro faha-7 notontosaina tamin'ny talata sy alarobia lasa teo : Five Fc 1-0 Tia Kitra Fc, Ajesaia 1-2 Uscafoot, Cosfa 0-1 As Fanalamanga, Jet Kintana 1-1 Fosa Juniors Fc, Cffa 1-0 Mama Fc, Jfc Toliara 1-1 A.Dato Fc, Zanakala Fc 0-3 Disciples Fc.

***Rainilita***



*Mpilalao Orange Pro League 2021/2022.*

**Ligin'ny baolina kitra any Vakinankaratra**

# Hikarakara « détection » hoan'ireo ankizy 15 sy 16 taona

Hikarakara « détection » ho an'ireo ankizy 15 taona sy 16 taona, izay sivana hidirana ao amin'ny Académie BAREA, tetikasan'ny filohampirenena hiarahana amin'ny coach Nicolas Dupuis, ny ligy sy ny seksiônan'ny baolina kitra miisa 7 any Vakinankaratra amin'ny sabotsy 12 sy amin'ny alahady 13 febroary 2022 ho avy izao, hanomboka amin'ny 8 ora maraina, ka hatramin'ny 2 ora tolakandro ao amin'ny kianja manara-penitra Vélodrome. Marihana fa miantotena avokoa ireo ankizy rehetra tonga hanao "test".

***Rainilita***



*Mpilalao baolina kitra tanora any Vakinankaratra.*

**Fanomanana Handball IHF Trophy 2022**

# Amin'ny volana martsa izao ny manaraka

Any amin'ny volana martsa 2022 izao indray, no hitohy ny fampivondronana an'ireo mpilalao mbola voafantina, fa hiatrika ny fanomanana ny fampivondronana faharoa amin'ny IHF Trophy 2022 amin'ny taranja handball sokajy tanora Juniors sy Cadets.
Tsiahivina fa nanomboka tamin'ny sabotsy 29 janoary 2022, no natao teny amin'ny Complexe Sportif Cnaps Vontovorona, ka nifarana tamin'ny sabotsy 5 febroary 2022 ny fampivondronana voalohany an'ireo tanora sokajy Junior : latsaky ny 20 taona sy sokajy Cadets : latsaky 18 taona avy amin'ireo Faritra Analamanga, Matsiatra ambony, Atsimo Andrefana, Ihorombe, Diana, Atsinanana, Analanjirofo, Bongolava, Boeny ary Atsimo atsinana.
Niantohan'ny federasiônan'ity taranja ity avokoa ny fampiantranoana sy fampisakafoana azy ireo nandritra ny herinandro, niaraka tamin'ny mpanazatra 16, mbola avy amin' ny lafy valon'ny nosy nampiofana azy ireo.

***Rainilita***



*Ireo Mpiofana IHF Trophy Handball 2022.*

## Sakafo Ny Valosoa



Tilapia saosy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fanaovana divay avy amin'ny voankazo rotra



Fomba fanaovana divay avy amin'ny voankazo rotra indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireo zavatra ilaina. Ohatra: rotra 1kg, rano avy amin'ny vovo 1 litatra (rano tsy misy chlorine), siramamy 750 g, jirofo singany 3, cannelle singany lava kely iray, levure 1 sotro kely feno, koveta kely na seau plastika, tavoahangy, bocal tavoahangy lehibe misy sarony hanaovana ny fermentation, passoire na voaly manify.
Ny fikarakarana azy: ampangotray mialoha na lomy rano mangotraka ilay bocal tavoahangy sy sarony (hamonoana ny microbe tsy hita maso, mety miraikitra aminy izay mamorona bobongolo ka hanimba ny divay. Alaina ny ROTRA efa madio tsara, atao anaty koveta kely dia araraka ny rano 1/2 litatra. Araraka koa siramamy 750 g ary avela hilona kely halemy dia vita izay dia potserina amin'ny tanana hisaraka ny voniny sy nofon'ny rotra. Vita izay dia alaina ilay bocal nampangotrahana na nalona rano mangotraka tetsy aloha dia araraka anaty bocal miaraka izy rehetra. Alaina ilay rano 1/2 ambiny teo aloha dia araraka tsikelikely dia aroina amin'ny sotro hazo. Vita izay dia araraka ny cannelle sy jirofo ary ilay levure iray sotro kely dia saronana ny bocal (tsy atao mafy hidy akory, fa mihidy tsotra mora vahana dia tsy aroina amin'ny sotro hazo intsony fa ahodinkodina ny bocal. Dia avelana amin'ny toerana tsy mafana be nefa tsy mangatsika be koa. Mandritry ny 21 andro, isaky ny 3andro dia sokafana ka arohina ny sotro hazo ny divay. Tapitra ny 21 andro dia alaina ny passoire sy tavoahangy divay dia tsihifina ary araraka. Vita ny divay. Tsy menamena be ny divay rotra natoraly, fa somary mena maloto.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Antsalova any amin'ny distrikan'Antsalova faritra Melaky

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 4 mandrafitra ny distrikan'Ambatomainty any amin'ny faritra Melaky, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antsalova, any amin'ny faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ny tanànan'Antsalova any amin'ny distrikan'Antsalova faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'Antsalova ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antsalova. Any amin'ny faritra andrefan'i Madagasikara no misy azy. 105 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny katsaka ary ny mangahazo. Mpiompy omby ihany koa ny any Antsalova, anisan'ny fototry ny tsy fandriampahalemana any an-toerana, noho ny resaka halatr'omby.

